
# Fahazarana mandalina manokana ny soratra masina



Ho an'ny tsirairay amin'ireto fehezanteny ireto, dia tombantombano amin'ny alalan'izao maridrefy manaraka izao ny tenanao:

1 = Tsy atao mihitsy
2 = Indraindray
3 = Ny antsasaky ny fotoana
4 = Saika atao foana

_______ Mivavaka amin'ny Ray any An-danitra aho mba hitahiany ahy amin'ny Fanahy rehefa mandalina manokana ny soratra masina.

_______ Mikatsaka ny handalina ny soratra masina amin'ny fotoana sy toerana izay ahafahako manala ny zavatra tsy mampifantoka aho.

_______ Mampiasa diary fandalinana aho rehefa mandalina ny soratra masina mba hahafahako mandray an-tsoratra ny zavatra izay ianarako.

_______ Mandritra ny andro dia mandinika ny zavatra izay nianarako sy ny fomba mety hanampian'izany ahy amin'ny fiainako aho.

_______ Manoratra ny eritreritro sy ny fahatsapako ao amin'ny diary fandalinako soratra masina aho.

_______ Indraindray aho dia mandalina ny soratra masina araka ny lohahevitra mba hampitomboana ny fahatakarako fotopampianarana na fahamarinana ara-panahy manokana.

_______ Mampihatra ireo zavatra nianarako aho mandritra ny andro.

_______ Mampiasa ireo fitaovana fandalinana soratra masina tahaka ny fanamarihana ambany pejy sy ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina aho mba hanampiana ahy hahatakatra andinin-tsoratra masina.

_______ Manisy marika ny soratra masina aho amin'ny fomba izay manampy ahy hahatadidy ireo zavatra manan-danja izay nianarako.

_______ Miezaka ny mahatakatra ny zavatra izay vakiko aho fa tsy mamaky fotsiny ireo teny.

Milazà sahan-kevitra iray na roa amin'ireo ambony ireo izay eritreretinao fa hampisy fiovana ny fandalinanao ny soratra masina sy hampitombo ny fahaizanao mianatra amin'ny alalan'ny Fanahy. Inona no hataonao mba hahatonga an'io fahazarana io ho anisan'ny fahazaranao mandalina?

© 2014 AN'NY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ZO REHETRA VOATOKANA.